Vice-président

# MONOGRAPHIE COMMUNE RURALE ANTSAHALALINA

# I-TOERANA ARA-JEOGRAFIA SY TANTARA FOHIFOHIN'NY KAOMININA ANTSAHALALINA

Kaominina iray amin'ny vakin'ny Mananara ny Kaominnina Antsahalalina, ao amin'ny vakim-pioleovan'I Manjakandriana avy eo Andriampamaky amin'ny lalana mankany Anjorobe iny. Mandeha lalàna "secondaire" somary mianatsimo atsinanana eo amin'ny 10km eo ho eo dia tonga eo amin'ny renivohitry ny kaominina Antsahalalina .

Raha ny tena marina dia "Ambohidanerana" no tena fantatr'olona amin'ny alalan'ny Fiangonana F.J.K.M ary ireo "zanaka ampielezany" dia miparitaka manerana ny Nosy. Taranaky ny "Telopolo lahy sy telopolo vavy" napetrak'Andriampoinimerina teo izy ireo, ary izy ireo no mponina voalohany teo. Terak'Andriamboninolona moa ireo mpifindra monina ireo ka avy amin'ny hoe: "Vohitra laniera" no nahatonga ny Ambohidanerana . Ireo tanàna manodidina moa dia taranaky ny mpifindra voalohany ka nahaforona ireo tanàna maro manodidina .

Teo aloha dia Fokontany iray ihany tao anatin'ny kaominina Ambohitseheno I (Antsahalalina ary nahitana ireo tanàna dimy (Antsahalalina, Ambohidanerana, Ambohijafy Nord, Antanetibe, ambatobe). Ireo tanàna hafa toa an'Ambohidava sy Ambatomasina ary Ankadinanahary dia tao anatin'ny Kaominina Ankazondandy teo aloha .Ireo tanàna 08 ireo no lasa Fokontany mahaleo-tena ka namorona ny Kaominina antsahalalina ankehitriny.

Raha izay tantara fohifohy momba ity Kaominina ity dia hiditra eo amin'ny tapany faharoa amin'ny tatitra ity isika dia momba ny ireo antontam-baovao salmihafa voaangona arahin'ny fandalinana ankapobeny.

## V-IREO ANTONTAMBAOVAO VOAANGONA

### 5-1-Momba ny Mponina

**ISAN'NY MPONINA ETO AMIN'NY COMMUNE RURALE ANTSAHALALINA TAONA 2017**

| FOKONTANY | 0 - 1 | | 2 - 4 | | 5 - 9 | | 10 - 14 | | 16 - 19 | | 20 - 26 | | 26 - 64 | | 65 + | | TOTAL |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | L | V | L | V | L | V | L | V | L | V | L | V | L | V | L | V | |
| ANTSAHALALINA | 8 | 6 | 5 | 7 | 19 | 24 | 21 | 23 | 14 | 15 | 12 | 16 | 59 | 63 | 10 | 22 | 324 |
| AMBATOBE | 0 | 6 | 11 | 11 | 23 | 17 | 15 | 24 | 25 | 17 | 27 | 16 | 54 | 59 | 4 | 3 | 312 |
| ANTANETIBE | 3 | 9 | 11 | 13 | 29 | 32 | 15 | 28 | 26 | 24 | 24 | 20 | 28 | 17 | 78 | 12 | 369 |
| AMBOHIJAFY NORD | 3 | 10 | 19 | 34 | 34 | 28 | 20 | 31 | 36 | 28 | 25 | 22 | 68 | 42 | 25 | 20 | 450 |
| AMBOHIDAVA-SUD | 15 | 14 | 27 | 27 | 27 | 24 | 10 | 12 | 23 | 17 | 35 | 48 | 104 | 97 | 6 | 10 | 496 |
| AMBOHIDANERANA | 0 | 3 | 1 | 8 | 19 | 18 | 39 | 23 | 40 | 51 | 70 | 72 | 90 | 70 | 40 | 37 | 581 |
| AMBATOMASINA | 9 | 12 | 33 | 32 | 35 | 69 | 54 | 46 | 17 | 20 | 12 | 18 | 39 | 40 | 7 | 12 | 457 |
| ANKADINANAHARY | 18 | 21 | 50 | 50 | 47 | 22 | 33 | 40 | 30 | 45 | 44 | 57 | 84 | | 38 | 22 | 666 |

TOTAL : 3 655

### 5-2-Momba ireo foto-drafitra sy ny velarany

| FOKONTANY | Km RIC | KM lalantany | Renirano | Halavirana miala eo amin'ny Renivohitry ny Kaominina | Isan'ny tanàna | Velarany (km²) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1-Ankadinanahary | 0 | 05 | 03 | 16 | 06 | 48 |
| 2-Ambatomasina | 02 | 06 | 01 | 11 | 06 | 14 |
| 3-Ambohidava | 02 | 04 | 01 | 09 | 05 | 11 |
| 4-Ambatobe | 05 | 08 | 01 | 07 | 03 | 08 |
| 5-Antanetibe | 01 | 15 | 01 | 0,5 | 05 | 08 |
| 6-Antsahalalina | 03 | 10 | 01 | 0 | 07 | 08 |
| 7-Ambohijafy | 01 | 1,5 | 01 | 01 | 07 | 12 |
| 8-Ambohidanerana | 01 | 12 | 01 | 01 | 05 | 11 |
| TOTAL | 15 | 65,5 | 10 | | 44 | 120 |

Tabilao 2: Foto-drafitra sy velarany ary renirano

Ny lalana Ankadinanahary makeo Ambatomasina dia tsy afaky ny fiara mandavan-taona

Ambatomasina Antsahalalina dia afaky ny fiara na somary ratsiratsy aza, fa tena tsy afaka kosa rehefafahavaratra.

### 5-3-Momba ny fanabeazana sy fampianarana

| Fokontany | Ankadinanahary | Ambatomasina | Ambohidava | Ambatobe | Antanetibe | Antsahalalina | Ambohijafy | Ambohidanerana | TOTAL |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Préscolaire | 44 | 14 | 0 | 0 | 0 | 21 | 11 | 15 | 105 |
| EPP | 171 | 97 | 92 | 93 | - | 121 | 60 | 117 | 751 |
| CEG | - | | | - | | 171 | | - | 171 |
| LYCEE | | | | | | 65 | | - | 65 |
| MPAMPIANTRA FRAM | 02 | 02 | 02 | 01 | | 02 | 01 | 01 | 11 |
| MPIANATRA EPP | | | | - | | | | | |
| MPIANTRA CEG | | | | | 0 | | | - | |
| MPIANATRA LYCEE | | | | | | | | | |
| BIBLIOTHEQUE | | | | | | | | | |

*Tabilao fotodrafitra ar-panabeazana sy Mpampianatra*

| FOKONTNAY | Velaran Tany Voavoly Vary (ha) | Vary vokatra (taonina) | Vokatra Isaky ny ha(taonina /ha) | Isan-jaton'ny Tanim-Bary | Toho-drano Tsy miasa | Toho-drano Azo amboarina | Velaran-Tanimbary Hanitarana | Saret y (ISA) | Angadin' Omby | Fitotombary (ISA) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1-Ankadinanahary | 80 | 120 | 1,5 | 67% | 0 | 01 | 40 | 05 | 02 | 01 |
| 2-Ambatomasina | 25 | 22 | 0,9 | 75% | 0 | 0 | 0 | 06 | 04 | 0 |
| 3-Ambohidava | 100 | 300 | 3,0 | 8,5% | 0 | 0 | 0 | 04 | 02 | 0 |
| 4-Ambatobe | 06 | 03 | 0,5 | 52% | 0 | 0 | 0 | 03 | 0 | 0 |
| 5-Antanetibe | 25 | 20 | 0,8 | 42% | 0 | 01 | 45 | 17 | 24 | 0 |
| 6-Antsahalalina | 05 | 10 | 2,0 | 56% | 01 | 0 | 05 | 11 | 15 | 01 |
| 7-Ambohijafy | 07 | 14 | 2,0 | 31% | 01 | 0 | 01 | 13 | 18 | 0 |
| 8-Ambohidanerana | 13 | 39 | 3,0 | 46% | 0 | 02 | 18 | 09 | 30 | 0 |
| Totaliy na salan'isa | 261 | 528 | 02 | 56,75% | 02 | 04 | 109 | 68 | 95 | 01 |

***Tabilaoantontan'isa momba ny voly vary .***

Raha atao ny kajy dia mahatratra 170Kg isan'olona ny vokatra vary.

Ho an-danin'izany dia :

- Ireo fokontany lavitry ny renivohitra no tena mamboly vary .
- Ho an'ireo fokontany manodidina an'Antsahalalina, dia 44 isan-jaton'ny tany voavoly ihany ny tanimbary satria tery ny tany .
- Na dia misy aza ireo tany azo hanitarana dia tsy hihotra ny 400ha ny tanimbary .
- Arakaraky ny ny hanantonana ny renivohitry ny Kaominina dia mampiasa fitaovana toy ny angadin'omby ny olona .

-Na izany na tsy izany dia ao anatin'ny filan'ny olona ny fanajariana ny toho-drano sy ny lakan-drano .

Toho-drano efatra no ao anatin'ny tetik'asa fanajariana lemaka .

- Akoatry ny voly vary dia ny mangahazo no tena manan-danja .
- Raha jerena dia fokontany 07 amin'ireo 08 no manome laharana faharoa ny mangahazo aorian'ny vary .
- Ho an'Ankadinanahary dia ny vomanga no laharana faharoa . Mazava moa
- Mazava moa fa atao famenon-tsakafo amin'ny fahavarattra ny hanikotrana
- Ny vokatra azo amin'ny voly hafa moa dia tsy misy lanjany loatra

## 5-6 Momba ny fiompiana

| FOKONTANY | Omby (ISA) | Kisoa (ISA) | Akoho amamborona | Vokatra ronono (litatra) |
|---|---|---|---|---|
| 1-Ankadinanahary | 86 | 33 | 165 | 0 |
| 2-Ambatomasina | 33 | 06 | 170 | 0 |
| 3-Ambohidava | 20 | 10 | 300 | 0 |
| 4-Ambatobe | 28 | 0 | 158 | 1.200 |
| 5-Antanetibe | 90 | 12 | 150 | 4.500 |
| 6-Antsahalalina | 78 | 10 | 350 | ND |
| 7-Ambohijafy | 52 | 14 | 200 | |
| 8-Ambohidanerana | 88 | 12 | 358 | 12.500 |
| Total | 395 | 58 | 1651 | |

***Tabilao faha-6: Antontan'isa momba ny fiompiana*** .

**Ny azo ny fanamarihana azo tsoahina avy amin'io antontan'isa io :**

- Saika tsy dia manan-danja loatra ny fiompiana
- Ho an'Ambohidava dia tsy misy ny antontan'isa azo trandrahina
- Ireo olana tena voalaza matetika momba ny fiompiana dia ny aretina, ny tsy fisian'ny teknisiana ary indraindray ny halatra.Misy koa anefa ireo tantsaha no milaza fa tsy fahitana lalam-barotra no tena olana ka tsy sahin-dry zareo ny mirotsaka amin'ny fiompiana . Tsy misy dokoteram-biby koa ao Antsahalalina. Dokoteram-biby iray ihany no misahana an'Antsahalalina sy ny Ambohitseheno .
- ny vokatra ronono dia avy amin'ny asa-pampananbana ny haitao nataon'ny Roma tany amin'io faritra io sy ny fisian'ny mpandray vokatra eo Avaratsena Ambatomena .

## 5-7- Olana momba ny fambolena

| FOKONTANY | A/hary | A/sina | A/dava | A/tobe | Anta/be | A/lalina | A/jafy | A/danerana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Olana ra-pambolena | | | | | | | | |
| Fanohanana ara-teknika | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 |
| Fahaiza-manao | 01 | 01 | 01 | 01 | 01 | 01 | 01 | 01 |
| Hatsaran'ny masomboly (1-4) | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 |
| Aretina (1-4) | 01 | 1-2 | 1-2 | 01 | 01 | 01 | 01 | 01 |
| Bibikely<br>Biby mpanimba voly (1-4) | 04 | 02 | 02 | 02 | 02 | 01 | 01 | 01 |
| Fahafaha-mividy ny akora ilaina (1-4) | 04 | 04 | 04 | 02 | 02 | 02 | 02 | 02 |
| Fitaovana (1-3) | 02 | 02 | 02 | 02 | 02 | 02 | 02 | 02 |

**Fanohanana ara-teknika :**

Dikany 0: Tsy misy fanoahana ara-teknika I: misy fanohanana ara-teknika

Matetika dia ny tsy fifehezana ny hai-tao sy ny tsy fahampian'ny teknisiana no voalaza fa olana . Samy nilaza izany daholo ireo fokontany valo .

Misy ihany teknisian'ny fambolena eo Antsahalalina fa tsy ampy fitaovana dia tsy afa-mihetsika .

***Fampiasana masomboly voafantina***

Dikany 0: masomboly tsy voafantina :1: masomboly nahatsaraina 2: masomboly ary amina toerana mpamokatra izany (CMS)

Mbola tsy ao anatin'ny fahazaran'ny tantsaha ny fampiasana ny masomboly voafantina .

**Fanimbana ataon'ny biby**

Dikany 1: Bibikely saingy tsy tena mafy -2 : Bibikely ihany fa tena mafy-3: Bibikely sy biby mpanimba voly hafa 4 bibikelty miampy biby hafa fa tena mafy ny fanimbana (Voalavo, lambo)

***Momba ny aretina manimba voly***

Any Ankadinanahary dia ny voalavo sy ny lambo. Ny Fokontany rehetra dia ny vomanga no matetika voan'ny tsatoka. Akoatry ny vary dia eny Talata Volonondry no mividy akora ambolena .

Mbola ahitana olona mikarama isan'iandro amin'ny fambolena, na izany aza dia betsaka ny sarety sy ny omby, herisa ary angadin'omby .

## *5-8- harena voajanahary*

Ny ala no tena betsaka, indrindra ny any Ankadinanahary izay mifanila amin'ny faritra Alaotra Mangoro. (Ala gasy na Ala velona) . Ny sisa dia Ala novolena no ankapobeny toy ny kininina .

## 5-9- Fahasalamana

| Fokontany | Tobi-pahasa-lamana | Mpiasa | Renin-jaza | Paompy | Loharano | Mampiasa ary amin'ny renirano |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Ankadinanahary | 0 | 0 | 01 | 0 | 0 | 01 |
| Ambatomasina | 0 | 0 | 01 | 0 | 07 | 0 |
| Ambohidava | 0 | 0 | 01 | 0 | 01 | 0 |
| Ambatobe | 0 | 0 | 0 | 0 | 02 | 0 |
| Antanetibe | 0 | 0 | 0 | 05 | 02 | 0 |
| Antsahalalina | 01 | 03 | 0 | 07 | 0 | 0 |
| Ambohijafy | 0 | 0 | 0 | 04 | 01 | 0 |
| Ambohidanerana | 0 | 0 | 0 | 03 | 0 | 0 |
| TOTAL | 01 | 03 | 03 | 19 | 13 | 01 |

CSBII iray izay misy jiro sy rano lasa nisotro ronono dokotera mbola misy solony sage femme iray sy ary Dispensatrice no miasa ao.

**5-11-Momba ny fotodrafitrasa sy fialamboly**

Eto amin'ny Kaominina dia misy kianja filalaovana baolina kitra 05 ary basket iray

**5-12-Momba ny Finoana**

Mitombo ny karazam-pinoana eto amin'ny Kaominina Katolika 01,FJKM 02, FPVM 02, Pentekotista 01, Advantista 01,TFM 012, Jesosy Mamonjy 01, Aram-pilazantsara 01.

**5-13- Taozavatra**

Ny tena fahita dia ny rafitra sy ny zaitra

**5-14-Tsena**

Efa misokatra ny tsena isan-kerinandro eto amin'ny Kaominina ka ny Asabotsy tapak'andro maraina

**5-15-Fikambanana**

Misy fikambanam-behivavy roa 02 eto amin'ny Kaominina dia Antsahalalina sy Antanetibe.

**6-01-Momba ny Fahasalamana**

**Filazalazana fahaterahana sy fahafatesana taona 2017**

| | |
|---|---|
| Isan-jatom-pahaterahana | 18% |
| Isan-jatom-pahafatesana | 0,09% |

Ny aretina miseho matetika dia areti-nify, vavony, areti-kibo, tension.

Antsahalalina, faha 19 Novambra 2020

L'Adjoint au MAIRE

RABEHARISOA Lauren